# ALAHADY FAHA 16 MANDAVANTAONA -A-2026



## *MAHANDRY ANDRIAMANITRA ARY MAMINDRA FO*

Ry Kristianina havana, sahiran-tsaina tokoa isika mianakavy miatrika izao krizy maro lafy izao ka mahatonga ny maro very fanahy mbola velona… Raha ny olon'izao tontolo izao dia fomba fijerin'izao tontolo izao no entintsika miatrika izao krizy izao. Tsy mahagaga raha very fanahy mbola velona satria tsy manana "repère", tsy misy lalan-kaleha ka kivy. Isika kosa manana an'i Kristy lalana sy fahamarinana ary fiainana. Izy ilay tsy miova omaly anio ary mandrakizay ka matoky isika na dia eo aza ny krizy. Tsy ny krizy izany no manana ny teny farany fa I Kristy, izany hoe izay miombona amin'I Kristy. Ny olana izany matoa tsy mahomby isika dia isika tsy miombona amin'I Kristy. Ka izany indrindra no tsy tokony hiraviravy tanana isika manana an'I Kristy. Izao indrindra tokoa no tsy maintsy anaovantsika vavaka totoafo mba hihavao tokoa ny fo amam-panahintsika fa indrindra ny fon'ny EOV MISIONERA REHETRA MBA HO TABERNAKLA VELONA TOKOA isika miatrika izao olana mitady handripaka ary efa tena manakorontana antsika mihitsy izao. Tsy fanarenana fotsiny no handrasantsika fa Pantekôty vaovao. Fihavaozana lavitra ny herisetra, ny hetraketraka mpanapotika ka samy hitafy ny Fanahy Masina Mpanavao isika ka hiroso amin'ny fametrahana ny rafitra hirosoantsika amin'ny fampandrosoana mampivelatra ny mahaolona sy olona manontolo ivelomantsika ny mahakristianina antsika hahatonga ny diosezintsika ho diosezy maitso, ho diosezy feno fanantenana niany, anio tokoa ny ho avy fa tsy rahampitso, tsy amaray.: TARANAKA MANORINA FA TSY SANATRIA TARANAKA MANDRODANA. Torak'izany koa ny eo anivon'ny firenena, enga anie izao fikaonan-doham-pirenena izao hitondra amin'ny fanarenana sy

**Vakiteny I :** Fah. 12, 13. 16-19
**Tononkira :** Salamo 85
**Vakiteny II :** Rôm. 8, 26-27
**Evanjely :** Mt. 13, 24-43

fihavaozana ka ho tonga amin'ny fametrahana rafitra vaovao hahitana ny rehetra fivelarana ny mahaolona manontolo sy ny olon-drehetra….

Amin'izao Alahady faha-16 mandavantaona izao dia mampianatra sy manambara amintsika ny tenin'Andriamanitra fa Andriamanitra maharitra tokoa izy, mamindra fo, mahandry, tsy mivadika amin'ny fanekeny. Ray mpamindra fo Andriamanitra, izy no mitondra antsika amin'ny fiainana feno famindram-po sy fifamelan-keloka izay lalana mitondra amin'ny fiadanana….

Ambaran'ny vakiteny voalohany *"Tsy misy Andriamanitra hafa afa-tsy Ianao ihany, izay mitandrina ny zavatra rehetra, mba hahenoana fa tsy manao fitsarà-mitanila Ianao. Fa ny fahefanao dia fanorenan'ny fahamarinana: ary noho Ianao Tompon'ny olona rehetra, no itondrànao azy rehetra amim-pamindram-po*".

Azo lazaina izany fa izao Alahady izao no hanambarantsika fa Ray ny Andriamanitsika ary tsy misy miafina aminy ny momba antsika. Ray be fitiavana sy famindram-po izy ary tsy manao fitsarana mitanila fa ny hahasoa antsika no tadiaviny ka aoka àry hatoky azy isika.

Izany no tian'i Jesoa ambara momba ny fanoharana mikasika ny ahi-dratsy sy ny voa tsara ao amin'ny Evanjely ka anoharany ny momba ny fanjakan'ny lanitra. Ny fanjakan'ny lanitra ambaran'i Jesoa io dia ny fiainantsika andavanandro, ny fontsika izay miara-mitsiry ao ny ahi-dratsy sy ny vary ka hoy Izy: "*Avelao hiara-hitsiry fa rehefa tonga ny fotoana fijinjana dia hisongadina ny vary ka atsipy any amin'ny afo mamaivay ireny ahi-dratsy ireny*".

Raha misy fotoana hahatsapana fa tena manambara amintsika ny sitrany Andriamanitra amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra vakina amintsika dia izao Alahady faha 16 izao. Ahoana no ahafahantsika milaza izany? Ny zava-misy iainantsika vokatr'izao krizy mikiky antsika izao izay azo lazaina fa tena ahi-dratsy mitady hanempotra antsika. Ary izany tokoa, ny voka-dratsiny dia zary sempotra isika. Tsy maintsy miady àry isika mba tsy semporina. Matoky isika fa hodoran'ny Famindrampon'Andriamanitra hitondra antsika amin'ny fanarenana marina tokoa.

Hararaotintsika àry izao fotoana iatrehantsika izao krizy izao mba hiverenantsika amin'Andriamanitra ka ho sitraniny isika. Aoka hibebaka isika hahafahana miala amin'ireny fiainana ratsy ireny ary izany indrindra no anaovako antso avo ho antsika EOV MISIONERA. Hararaotintsika izao zava-misy fa indrindra isika tanora azo antsoina "génération" sinaody ary aoka samy ho tonga saina fa izao tokoa ny fotoana tsara. Izao tokoa no làlana iombonana amin'i Jesoa, iombonana amin'ny mpiara-belona, iombonana amin'ny tontolo iainana. Izao vanim-potoana diavintsika izao tokoa no hirosoantsika. Izany no antony anaovantsika izao Sinaody izao hametrahana torolalana azo ampiharina avy hatrany eo anivon'ny diosezy. Mino aho fa izany koa ny tanjon'izao fikaonan-doham-pirenena izao...

Tian'i Jesoa ambara fa Andriamanitra tsy miova ary Ray mandrakizay izy. Hitantsika izany amin'ilay tantaran'ny Ray be fitiavana ao amin'ny Lioka 15, na dia inona ny nataon'ilay

zanaka faralahy tamin'ny fitondran-tenany sy ny fanapotehany ny fananany rehetra, dia hafaliana ny an'ny Rainy rehefa niverina sy nibebaka izy ka nomeny hasina sy asa sahaza azy.

Marina mety reraka tokoa isika fa mafy ny ady. Aoka anefa isika hahayhananararaotra izao krizy izao ka handinika, hiroso lalindalina amin'ny fiainam-pinoana mba hihavao tokoa, fa tsy fanorenana fotsiny no andrasana fa tena Pantekôty Vaovao. Aoka isika na dia eo aza fahoriana sy fijaliana hahatsapa fa ao amin'ny Ray no ahazoana ny tena famonjena mitondra amin'ny hafaliana. Misy ny mbola varimbariana sy feno fialonana tahaka an'ilay zanaka lahimatoa, miantso antsika Andriamanitra ary mangoraka antsika Izy, ao aminy isika no hamokatra be sy handova ity tany ity.

Toy izany koa ny fanoharana momba ny voatsinapy, mety mieritreritra aza isika hoe toa tsy misy fiovana ny fiainana na dia misy ezaka. Ny tian'Andriamanitra dia ilay ezaka ataontsika na dia kely aza, aoka ny fontsika ho tany lonaka hiasan'ny fahasoavan'Andriamanitra, na dia kely aza toy ny voatsinapy dia hitombo tahaka ny mofo asiana lalivay. Tsy isika tokoa fa ny fahasoavan'Andriamanitra miaraka amintsika no mampiova ny fiainantsika hamokatra voa tsara.

Mila ny fahafoizana izany rehetra izany, na ny fanoharana momba ny ahi-dratsy na ny voatsinapy dia manentana antsika hahafoy tena, aza faly mandray fotsiny fa mba hanolotra ihany koa. Izany no finoana velona, mandray isika no sady mahafoy. Aoka izany hafatra soa izany no manentana ny fiainantsika. Ny irina mba tsy ho mpajinfa fotsiny isika fa ho tena tompon'antoka sy tompon'andraikitra.

Ry Kristianina havana fantaro fa raha tiantsika hisy vokatra tsara eo amin'ny fiainantsika dia aoka tsy handray fotsiny isika fa hahafoy koa, aoka hahafoy fotoana isika, izay mahazatra antsika, hahafoy ho an'i Jesoa isika ka amin'izay, araky ny voalazan'i Md Paoly, dia ny fanahy no hanohana ny fahalementsika. Aoka ho tonga ny fotoana hahatonga antsika ho tena "acteur" fa tsy ho "consommateur" intsony, ho EOV MISIONERA.

Mety hanontany tena isika satria sady tsy mahafoy tena no tsy mahay mivavaka ka ho lany fotoana amin'ny ezaka atao. Fantaro àry, hoy Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa, amin'izao Alahady faha-16 mandavantaona izao, amin'izao fotoana anaovantsika vavaka totoafo izao fa mety tsy mahay mivavaka tokoa isika saingy ny fanahy no hanohana antsika amin'izany, "*ny Fanahy no manohana ny fahalementsika, satria na izay mety angatahintsika aza tsy fantatsika, fa ny Tenan'Izy Fanahy ihany no mangataka amin'ny fitarainana tsy hay lazaina ; ary Izy mikaroka ny fo no mahalala izay irîn'ny Fanahy, sy ny fifonany araka an'Andriamanitra ho an'ny olomasina*."

Ny tadiavin'Andriamanitra amintsika dia isika hahafoy ho Azy ary hanompo fa indrindra ny madinika.

Ry Jesoa Tompo ô miatrika izao ady mafy izao izahay. Very fanahy mbola velona ny maro. Tsy hita izay aleha. Tena sempotry ny ahi-dratsy izahay. Ianao nefa milaza fa aoka hiaraka hitsiry

aminay. Tsy afaka miady irery izahay fa indrindra miatrika izao krizy izao. Maniry te-hihavao marina tokoa izahay, maniry te ho EOV MISOIONERA TABERNAKLA VELONA izahay, te-handray andraikitra, te-handray an-tànana ny fiainanay nefa eo koa ny rendrarendra izay mamatotra anay, eo ny hamafin'ity ady amin'ity fahavalo tsy hita maso ity. Koa enga anie mba hanana fanetren-tena izahay ka hanolo-tena aminao ry Jesoa. Maharitra sy be famindram-po ianao ka enga anie mba hisy fanapahan-kevitra horaisinay miainga avy amin'izao ady mafy izao mba hiova ny fo amam-panahinay. Amin'izay dia hanana halemem-panahy izay nampianarinao anay izahay ka handova ny tany, ho karakarainay tokoa anie ity tany iombonana ity, hitondra amin'ny tena fivelarana amin'ny mahaolona manontolo sy ho an'ny olon-drehetra. Ho zary tany lonaka hiasan'ny fahasoavanao anie ny fo amam-panahinay. Masina Maria, Reny modely ho anay tokoa ianao satria tena tany lonaka, mivavahà ho anay ary tantano ho any amin'i Jesoa fa ao ihany no hany fiadanana. Md Josefa Mpiaro ny Eglizy eran-tany ampianaro izahay hahay hiasa mba hampamokatra ny fiainanay araka ny sitrak'Andriamanitra...Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson